


FANTARO NY VOANA NA FANO - NY SAKIVY SY NY FOMBA FIAINANY

ARY NY FAMPIASANA HOLATRA 'METARHIZIUM' HIADIANA AMIN'IZY IREO



Ao anaty tany avokoa no miseho ny tsingerim-piainan'ny voana: Ny sakivin'ireo voana na fano ireo no miofo ka mivadika ho voana.

- Aorian'ny filatsahan'ny orana voalohany amin'ny taom-pambolena dia mivoaka avy hatrany ireo voana avy ao anaty tany ary mirongatra. Ny voana na fano no manimba ny voly fa tsy ny sakivy akory.
- Mikiky ny foton'ny voly indrindra ny vary an-tanety sy ny katsaka ireo ny voana na fano (tsy ny fakam-boly akory fa ny foto-boly). Ny voly vao mitsiry sy ny voly tanora no tena lasibatra ny voana. Ny voly malazo dia mihamaina afaka 7-10 andro, ary maty aorian'izany.
- Ny fahitana foto-boly maina no ahafantarana ny fahavoazana ateraky ny ny voana. Mora hongotana io foto-boly maina io satria dia manaraka ny tanana fotsiny ilay voly maina. Ny fakany mbola mijanona ao anaty tany.

FAMPIASANA HOLATRA MAMONO SAKIVY SY VOANA

Miteraka aretina ho an'ny voana sy sakivy ny poizina izay alefan'ilay holatra izay mivelona eo amin'izy ireo ka mitarika fahafatesan'ireo biby voan' ny holatra. Rakotra voan'holatra tanteraka ny voana na sakivy maty.

- **Fepetra tena tsara mba ahombiazan'ny fampiasana holatra:**
 - Fisian'ny sakivy (L3) sy voana betsaka eo amin'ny tany amin'ny fotoana hamafazana ny holatra voalohany
 - Araraka ao anaty tany amin'ny halalina 10sm farafahakeliny na manaraka ny vava ny holatra.
 - Mahatanty hamandoana ny holatra fa tsy afaka mivelona kosa anaty rano miandrona ela eo amin'ny tany izay andrarahana azy.
 - Tsy misy fiantraikany amin'ny voly, tany na zavaman'aina hafany fampiasan ny holatra. Tsy mamono afa tsy ny sakivy sy ny voana ihany.
 - Tsy mahatanty hafanana miohatra ny 35°C.
 - Tsy manimba ny tontolo iainana.
 - Asiana fanafody simika ny ambioka amin'ny taona voalohany ampiasana ny holatra hiarovana ny voly amin'ny fanimbana mety ataon'ny voana raha tsy feno ny fepetra hitomboan'ilay holatra ao amin'ny tany nadrarahana azy.
 - Rehefa tsy feno ny fepetra hiveloman'ireo voan'holatra eo amin'ny tany nadrarahana azy dia mihena ny fitombony, toy izany koa ny heriny koa dia mila mandraraka holatra vaovao indray eo amin'ny tany efa nasiana azy. Ny fitombanana ny tany misy holatra dia mampiseho ny voan'holatra ho ety ivelany ka mitarika ny fahafatesany noho ny herin'ny masoandro.
 - Tsy azo atao ny mandraraka ny holatra amin'ny tany tsy marina satria dia entin'ny riaka avy hatrany ireo voan'holatra amin'ny fotoanan'ny orana. Mihavitsy ireo voan'holatra ao anaty tany ary mampihena ny heriny izany.

